REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana – Tanindrazana – Fandrosoana

MINISITERAM-PANJAKANA MIANDRAIKITRA NY TETIKASAN'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA SY NY FANAJARIANA NY TANY ARY NY FAMPITAOVANA

LALANA LAHARANA FAHA 2015-051 tamin'ny 03 febroary 2016 anaovana ny Soridalan-kitondrana ny Fanajariana ny Tany

Ny Antenimieram-pirenena sy ny Kongresy dia nandany tamin'ny fotoam-pivoriana nataony tamin'ny 16 desambra 2015 ;

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA,

Araka ny Lalàmpanorenana ;

Araka ny fanapahana laharana faha 11-HCC/D.3 tamin'ny 29 janoary 2016 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ;

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALANA IZAY TOY IZAO NY ANDININDINY :

LOHATENY VOALOHANY
FEPETRA ANKAPOBE

Andininy voalohany.- Izao lalàna izao izay anaovana ny soridalan-kitondrana ny fanajariana ny tany no mametra ny sehatry ny lalàna ankapobe momba ny fanajariana ny tany eto amin'ny tanim-pirenena ka aminavinana ny fampandrosoana maharitra.

Izy no mamaritra amin'izany, indrindra ny feni-kevitra fototra, ny tanjona, ny fitaovana sy ny fomba samihafa fanatanterahana ampifanarahana amin'ny soridalan-kitondrana voarakitra ao amin'ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany.

Izany dia mihatra amin'ny raharaha rehetra mikasika ny fipetrahana amin'ny toerana, amin'ny fanokanana na amin'ny fitsinjarana mifandanja ny asa aman-draharaha, ny fotodrafitrasa, ny fampitaovana ary ny fisahananasa manerana ny tanim-pirenena.

Izy no manoritra ny fari-pahefan'ny mpisehatra rehetra momba ny fanajariana ny tany izay ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana ho fampiharana ny fepetra ao amin'ny andininy

faha-141 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

And. 2.- Araka ny hevitra ao amin'ity lalàna ity, ny atao hoe fanajariana ny tany dia ny fitambaran'ny hetsika ara-panjakana na tsy miankina amin'ny Fanjakana mitondra amin'ny fandaminana, ny fanaovan-drafitra ary ny fanajariana ny endriky ny tanim-pirenena manontolo sy mitodika amin'ny vina jery lavitra.

And. 3.- Ny Fanjakana, ny Faritany, ny Faritra ary ny Kaominina no mitandro ny fampiasana voalanjalanja tsara ny tany sy ny fanasarahana ireo faritra azo hajariana sy tsy azo hajariana eo amin'ny tany.

Izy ireo no mandrindra ny asa aman-draharaha izay misy fiantraikany amin'ny fandaminana ny tany ka iantohana amin'izany ny firaisankinan'ny mpiara-belona.

Izy ireo dia miasa hanatanteraka ny asa momba ny fanajariana ny tany manokana hiantohana ny fampandrosoana mirindra sy mifandanja ary maharitra manerana ny Firenena.

Izy ireo no manome lanja ny fanamaintisamolaly ny tany ary mikendry ny fampandrosoana mifandanja ny faritra mampifandray ny firosoana ara-tsosialy, ny fahombiazana ara-toekarena ary ny fiarovana ny tontolo iainana.

Amin'ny fanatontosana ny asan'izy ireo, dia jereny ny zava-pantatra momba ny zavaboahary, fiaraha-monina ary kolontsaina ary koa ny filan'ny mponina sy ny toekarena.

And. 4.- Amin'ny alalan'ny teknika sy fitaovana mifanentana amin'izany, zavatra telo no takiana indrindra amin'ny fanajariana ny tany dia :

- ny fiantohana ny fitsinjarana mifandanja eo amin'ny mponina sy ny asa aman-draharaha manerana ny tanim-pirenena ;
- ny fiantohana ny firindran'ny asa aman-draharaha ataon'ny Fanjakana sy ny tsy miankina amin'ny Fanjakana izay mandray anjara amin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy ny faritra ;
- ny fananganana ireo fepetra momba ny fampandrosoana mifanentana amin'ny zava-misy mampiavaka any amin'ny faritra sy eo an-toerana.

And. 5.- Ny fanajariana ny tany dia miorina amin'ny feni-kevitra fototra araka izay tanisaina toy izao manaraka izao :

- ny maha iray sy ny firaisankinam-pirenena mba hanomezan-danja ny tany iombonana ;
- ny fitoviana ara-drariny amin'ny toerana sy ny fampandrosoana mifandanja ny tany amin'ny alalan'ny fitaovam-panajariana ny tany samihafa ;
- ny famokaran'ny tany amin'ny alalan'ny fampandraisana andraikitra ny sehatrasa samihafa momba ny toekarena, sosialy ary kolontsaina mba hampisy risikaina ny faritra ;
- ny faharetana sy ny fanaovana mialoha ny paikady mifototra amin'ny vina jery lavitra ka iheverana ny fivoaran'ny toerana, ny haihetsiky ny faritra ary ny sakana amin'ny ezaka atao amin'ny fanajariana ny tany ;

- ny fifehezana ny vaovao momba ny tany mba hitondrana ny ezaka atao amin'ny fanajariana ny tany ;
- ny famantarana ny asa laharam-pahamehana ho an'ny fanavaozana endrika ny tanim-pirenena ;
- ny fidiran'ny sehatrasa aman-draharahan'ny Fanjakana amin'ny vina iombonana amin'ny fampandrosoana ;
- ny fandraisan'anjaran'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny antokon-draharaham-panjakana, ny mpandraharaha ara-tsosialy sy ara-toekarena ary ny olom-pirenena amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny fanajariana ny tany ary koa ny fampiharana sy ny fanombanana azy ireo ;
- ny hetsika fiaraha-miasa iraisam-pirenena sy ny fidirana any amin'ny fikambanana any ivelany sy eto an-toerana ho toy ny mpitondra ny fanomezan-kery ny asa momba ny fanajariana lehibe eto amin'ny tanim-pirenena.

And. 6.- Ireo feni-kevitra manaraka etoana dia tsy maintsy hajaina indrindra mandritra ny famolavolana ny didy amam-pitsipika samihafa momba ny fanajariana ny tany.

- Ny tontolon'ny voahary dia tsy maintsy tandrovina. Amin'izany, ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy :
    - manokana ho an'ny fambolena ary sahaza ny tany lonaka azo ambolena, indrindra, ny velarana fitsinjaran-tanimboly ;
    - mitandro ny hahatafidiran'ny fanajariana natao misaraka na izy iray manontolo ary koa ny tsanganasa amin'ny tontolon'ny voahary ;
    - mamela ho malalaka ny moron'ny farihy sy ny rian-drano ary manamora ny fidiran'ny vahoaka amin'ny morona sy ny fandalovana amin'ny sisin'izany ;
    - mikajy ny toera-manintona voajanahary sy ireo tany natao hakana aina ;
    - mitana ny ala amin'ny fampiasana azy samihafa.

- Ny tany natokana ho amin'ny toeram-ponenana sy ho amin'ny fisahanana ny asa aman-draharaha ara-toekarena dia hajariana araka ny filan'ny mponina.
- Tsara raha faritana araka ny tondrofetra mitombina ny fametrahana ireo fanorenana sy tsanganasa an'ny Fanjakana na ahazoana tombontsoa ho an'ny daholobe mba :
    - hiheverana ny filana manokan'ny faritra sy hampihenana ny tsy fitoviana hita fototra eo amin'izy ireo ;
    - hanamorana ny fidiran'ny mponina amin'ireo fanorenana sy tsanganasa an'ny Fanjakana na ahazoan'ny daholobe tombontsoa ireo ;
    - hisorohana na hisakanana faran'izay azo atao ny voka-dratsy avy amin'ny fisian'ny tsanganasa toy izany eo amin'ny tontolo voajanahary, ny mponina ary ny toekarena.

LOHATENY II
NY AMIN'NY FANATANTERAHANA NY FANAJARIANA NY TANY

TOKO VOALOHANY

NY AMIN'NY SEHA-PAMPIHARANA

And. 7.- Ny fanajariana ny tany dia tanterahina eo amin'ny ambaratonga, firenena, faritany, faritra ary kaominina. Azo tanterahina ihany koa eo amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana roa na maromaro.

Ny fanajariana ny tany dia mihatra manerana ny tanim-pirenena, na an-tanety izany na an-dranomasina na an'habakabaka ao anatin'ny fanajana ireo fifanarahana iraisam-pirenena sy rijan-teny manan-kery.

And. 8.- Ny fanajariana ny tany dia ambonivohitra sy ambanivohitra

Ny fanajariana ny ambonivohitra dia mandray anjara amin'ny fanatsarana ny toe-piainan'ny mponina ambonivohitra indrindra amin'ny alalan'ny famoronana, ny fampiroboroboana ary ny fanatsarana ny fotodrafitrasa ambonivohitra tena ilaina ary koa ny famolavolana sy ny fampiasana ireo fitaovana fanajariana ny ambonivohitra sahaza izany.

Ny fanajariana ny ambanivohitra dia mandray anjara mivaingana amin'ny fampiroboroboana ny tany eny ambanivohitra. Mahakasika indrindra ny fanamaintisamolaly ny tany eny ambanivohitra ampiasaina amin'ny zavatra rehetra. Maniry ny hametraka indray ny fitambaran'ny tany eny ambanivohitra ho fampiharana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany.

And. 9.- Ny fanajariana ny tany dia ahitana sehatra marolafy.

Miasa indrindra amin'ny fitantanana ny fananan-tany, ny fanajariana ny tanàn-dehibe, ny fanadiovana, ny trano fonenana sy ny toeram-ponenana, ny fanajariana ny ambanivohitra, ny fitantanana ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy indostria, ny fiarovana ny tontolo iainana, ary ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana ahitana tombontsoa miaraka.

TOKO II

NY AMIN'NY FILANKEVI-PIRENENA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 10.- Atsangana amin'ny alalan'ity didy amam-pitsipika ity ny Filankevi-pirenena momba ny Fanajariana ny Tany.

And. 11.- Ny Filankevi-pirenena momba ny Fanajariana ny Tany no miandraikitra ny fanomezana ny hevitra sy soso-kevitra mikasika ny sori-dalan-kitondrana sy ny fepetra fampiharana ny politika momba ny fanajariana ny tany ataon'ny Fanjakana sy ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Manome ihany koa ny hevitra, araka ny fangatahan'ny Governemanta, momba ny volavolana rijan-tenin-dalàna na fitsipika mikasika ny fanajariana ny tany.

And. 12.- Ny Filankevi-pirenena momba ny Fanajariana ny Tany dia ahitana ny solontenan'ny Fanjakana, ny parlemantera, ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny fikambanana tsy miankina amin'ny Governemanta ary ny fikambanana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena mpisehatra momba ny fanajariana ny tany.

Ny ao anatiny, ny fandaminana ary ny fampandehanana ny Filankevi-pirenena momba ny Fanajariana ny Tany dia ferana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO III

NY AMIN'NY MPISEHATRA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 13.- Ny fanajariana ny tany dia andraikitra ifampizaran'ny Fanjakana sy ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

Na izany aza anefa, ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana, ny fikambanana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena sy ny vondron'olona ifotony na Fokonolona dia mandray anjara ihany koa amin'ny fanatanterahana ny asa fanajariana ny tany.

And. 14.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-66 amin'ny Lalàmpanorenana, ny Praiminisitra no manapaka ny fepetra fanatanterahana ny fanajariana ny tany miara-miasa amin'ny Manampahefana avy amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And. 15.- Araka ny fepetra voalazan'ny andininy faha-153 sy faha-157 amin'ny Lalàmpanorenana, ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana no manampy ny Fanjakana amin'ny fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany sy ny asa rehetra amin'ny fari-piadidiana ny taniny avy.

TOKO IV

NY AMIN'NY RANTSANA MPANDRINDRA NY FANAJARIANA NY TANY

Sokajy voalohany
Ny amin'ny fandrindrana marindrano ny fanajariana ny tany

And. 16.- Atsangana ny Vaomiera iraisan'ny Minisitera momba ny fanajariana ny tany izay miandraikitra indrindra ny :

- fitandroana ny firindran'ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany sy ny politika isan-tsehatra hafa, indrindra ny drafitra momba ny fampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy sy ny politika isan-tsehatra ;

- fanolorana ny fomba sy ny fepetra fanatanterahana ny fandaharanasa momba ny

fanajariana ny tany nankatoavina teo anivon'ny Governemanta mifanaraka amin'ny sori-dalan-kitondrana avy amin'ny Filankevi-pirenena momba ny Fanajariana ny Tany ;

- fandrindrana ny asa isan-tsehatra mikendry ny fanajariana ny tany araka ny voalazan'ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra ;

- fitandroana ny fampiharana ny fepetra avy amin'ny Governemanta noraisina ao anatin'ny sehatry ny fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany sy ny didy amam-pitsipika samihafa mifehy ny fandaminana ny Faritra ;

And. 17.- Ny Vaomiera Iraisan'ny Minisitera momba ny Fanajariana ny Tany dia tsy maintsy hakana hevitra ho an'ny tetikasa rehetra fanajariana ny tany natao teo anivon'ny foibe.

And. 18.- Ny ao anatiny, ny fandaminana ary ny fomba fampandehanana ny Vaomiera Iraisan'ny Minisitera momba ny Fanajariana Tany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Sokajy II
Ny amin'ny fandrindrana mijidina ny fanajariana ny tany

And. 19.- Atsangana ny Komity any amin'ny faritany, faritra ary kaominina momba ny fanajariana ny tany izay mifandraika avy amin'ny ambaratonga any amin'ny faritany, faritra ary kaominina.

And. 20.- Eo amin'ny ambaratonga misy azy avy, ny Komity voalazan'ny andininy etsy aloha dia miandraikitra ny :

- fiantohana ny fizohiana ny famolavolana sy ny fampiharana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra miara-miasa amin'ny Foibem-pandinihana momba ny tany araka ny voalazan'ny andininy faha-66 amin'ity didy amam-pitsipika ity ;

- fanampiana ny manam-pahefana eo an-toerana amin'ny asa fanajariana ny tany ;

- fampiakarana ny olana tsy voavaha eo an-toerana sy mila ny firotsahana an-tsehatry ny Vaomiera iraisan'ny Minisitera voalazan'ny andininy faha-16 amin'ity didy amam-pitsipika ity ;

- fiantohana ny fanentanana sy ny fampiarahana maharitra ny asa izay tanterahiny ;

- fanomezana ny tolo-kevitra sy sori-dalan-kitondrana amin'izay mikasika ny vinam-panajariana ny taniny avy.

And. 21.- Ankoatra ny solontenan'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana sy ny Sampan-draharaha Teknika Anapariaham-pitondrana, ny Komity dia ahitana eo anivony ireo solontenan'ny sehatra tsy miankina amin'ny Fanjakana sy ny fikambanana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena mpisehatra momba ny fanajariana ny tany.

And. 22.- Ny ao anatiny, ny fandaminana ary ny fomba fampandehanana ny komity tsirairay avy dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO V

NY AMIN'NY ANDRAIKITRA MIKASIKA NY FANAJARIANA NY TANY

Sokajy voalohany
Ny amin'ny Fanjakana

And. 23.- Ny Fanjakana no Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fanajariana ny tany. Ny fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany dia andraikiny voalohany.

Amin'izany sehatra izany, mitandro ny fampiasana sy ny fitrandrahana ara-drariny ny tanim-pirenena sy ny loharanon-karena ao aminy.

Miantoka ny fifandrohizana sy ny firindran'ny asa fanajariana ny tany tanterahina araka ny didy amam-pitsipika eto amin'ny Firenena mifandraika amin'izany.

And. 24.- Ny Fanjakana dia manome tombon-dahiny ny fitsinjarana tsara indrindra ny toerana anaovana ny asa aman-draharaha mba hampidirana eto amin'ny Firenena sy hampiasana faran'izay betsaka ny toerana sy ny loharanon-karena.

Anjarany ny mampiaraka ny fitrandrahana ny otrik'harena ahafahana manome tombon-dahiny ny fitsinjarana farany tsara ny mponina.

And. 25.- Ny Fanjakana dia mametraka ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana ara-drafitra ahafahana manazary ny tany. Amin'izany, izy no mitandro ny fahafaha-misahana mifandanja ny tena filan'ny mponina.

And. 26.- Ny Fanjakana dia mamantatra sy manamafy ny toeram-pampandrosoana sy ny tendrom-pampandrosoana mitondra amin'ny fahavokaran'ny toerana.

And. 27.- Ny Fanjakana dia mitandro ny fanomezan-drafitra ny tanim-pirenena amin'ny alalan'ny fampifandanjana ny rafitra ambonivohitra sy ny fanamafisana ny fifandraisan'ny tanàn-dehibe sy ny ambanivohitra ary koa ny fifandrohizana tsara indrindra eo amin'ny tontolo ambonivohitra sy ambanivohitra.

Sokajy II
Ny amin'ny Vondrombahokam-paritra itsinjaram-pahefana

And. 28.- Ho fampiharana ny fepetra ny andininy faha-153 sy faha-157 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia miara-miasa amin'ny Fanjakana amin'ny :

- fampiharana ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany ;
- fanatanterahana ny asa fanajariana rehetra ao anatin'ny fari-piadidiam-paritra misy azy avy ;

- famolavolana sy fanatanterahana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra mikasika izany ;
- famantarana sy fanatanterahana ny asa fanajariana ijerena ny filan'ny mponina.

Paragrafy voalohany
Ny amin'ny Faritany

And. 29.- Eo amin'ny lafiny fanajariana ny tany, ny Faritany no miandraikitra indrindra ny :

- fametrahana miaraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana, ny fotodrafitrasa sy fampitaovana ara-drafitra eo amin'ny tany any amin'ny Faritany ;
- fitantanana ny fampitaovam-panjakana any amin'ny Faritany, indrindra ny oniversitem-panjakana, ny hopitalin'ny Oniversite ary ny lalana ho an'ny Faritany ;
- fandrafetana sy fampiharana, eo amin'ny ambaratonga misy azy ireo, ny rakitsarim-panajariana ny Faritany ;
- fandrindrana sy fampirindrana ny didy amam-pitsipika iraisam-paritra momba ny fanajariana ny tany ;
- fikarohana sy fampiroboroboana ny fifandraisan'ny mpiara-miombon'antoka ho an'ny fanatanterahana ny asa fanajariana ny tany mahakasika ny Faritany ;
- fanatanterahana ny asa aman-draharaha hafa rehetra miankina amin'ny fari-pahefany araka ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana mikasika ny fanajariana ny tany.

Paragrafy II
Ny amin'ny Faritra

And. 30.- Eo amin'ny lafiny fanajariana ny tany, ny Faritra no miandraikitra indrindra ny :

- fametrahana miaraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana, ny fotodrafitrasa sy fampitaovana ara-drafitra mahakasika ny Faritra ;
- fitantanana ny fampitaovam-panjakana any amin'ny Faritra, indrindra ny lisea, ny hopitaly any amin'ny Faritra ary ny lalana ho an'ny Faritra ;
- fandrafetana sy fampiharana, eo amin'ny ambaratonga misy azy ireo, ny rakitsari-panajariana ny Faritra ;
- fandrindrana sy fampirindrana ny didy amam-pitsipika iraisan'ny Kaominina momba ny fanajariana ny tany ;
- fikarohana sy fampiroboroboana ny fifandraisan'ny mpiara-miombon'antoka ho an'ny fanatanterahana ny asa fanajariana ny tany mahakasika ny Faritra ;
- fanatanterahana sy fitantanana ny vala sy toerana hialana voly any amin'ny Faritra ;
- fanatanterahana ny asa aman-draharaha hafa rehetra miankina amin'ny fari-pahefany araka ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika manokana.

Paragrafy III
Ny amin'ny Kaominina

And. 31.- Eo amin'ny lafiny fanajariana ny tany, ny Kaominina no miandraikitra indrindra ny

fametrahana miaraka amin'ny fanampian'ny Fanjakana, ny fotodrafitrasa sy fampitaovana fototra ahafahana manazary ny tanin'ny Kaominina.

Izy ireo ihany koa no miandraikitra ny fandrindrana, ny fitantanana ny fampandrosoana ny Kaominina ary ny fanatanterahana ny lahasam-panajariana ny toerana an'ny Kaominina ahitana :

- ny lahasa momba ny lalan-kaleha, fanadiovana, fahadiovana ary fanesorana ny fako avy any an-tokantrano ;
- fanatanterahana sy fitantanana ny toerana sy tsenam-bahoaka ary ny toerana fiantsonam-piarakodia ary koa ny fampitaovana hafa rehetra mety hampidi-bola toy ny labatoara sy ny valanjavamaniry ;
- fanorenana sy fitantanana ny fampitaovana sy fotodrafitrasa ara-tsosialy sy ara-panatanjahantena ;
- fandrafetana sy fampiharana ny rakitsarim-panajariana ny tany an'ny Kaominina sy iraisan'ny Kaominina.

LOHATENY III
NY AMIN'NY DIDY AMAM-PITSIPIKA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 32.- Ny fanajariana ny tany dia tafiditra amin'ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra indrindra :

- ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany ;
- ny politikam-pirenena momba ny fananan-tany ;
- ny rakitsarim-pirenena momba ny fanajariana ny tany ;
- ny rakitsarim-paritany momba ny fanajariana ny tany ;
- ny rakitsarim-paritra momba ny fanajariana ny tany ;
- ny rakitsarim-panajariana ny tany an'ny Kaominina na iraisan'ny Kaominina ;
- ny drafitra momba ny soridalan-kitondrana stratejika ho an'ny fampandrosoana ny toerana an'ny renivohitra na vangongon-tanàna ka ny fanatsarana ny tanàna dia miitatra any amin'ny Kaominina maromaro ;
- ny drafi-panajariana ny tanàn-dehibe ;
- ny drafitra eo an-toerana ahazoa-mampiasa ny fananan-tany.

Hisy didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana dia azo volavolaina raha ilaina.

And. 33.- Ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra dia tsy maintsy manan-kery amin'ny mpisehatra momba ny fanajariana ny tany. Izany dia ampiasaina ho sehatra fitsiahy amin'ny politika, amin'ny fandaharanasa ary amin'ny tetikasan'ny Minisitera sy Vondrombahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana. Ireo didy amam-pitsipika ireo dia ampiasaina ho toy ny sehatra fototra ho an'ny asa rehetra ataon'ny sampan-draharaha miandraikitra ny fitantanana ny fananan-tany.

And. 34.- Ny ambaratonga any amin'ny Faritra avy dia tsy maintsy manana ireo didy amam-

pitsipika ireo mba hahafahany manazary ny taniny manokana.

And. 35.- Ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra dia anaovana fanombanana sy fanitsiana isam-banim-potoana.

And. 36.- Ny tahirin-kevitra sy drafitra rehetra momba ny taosarintany sy fananan-tany, anatin'izany ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra, avy amin'ny asa fanaovana sarintany na ara-jeografia tanterahin'ny Fanjakana sy ny rantsa-mangaikany, ny vondron-draharaha natao hisahana asam-bahoaka, na miasa ho azy ireo, dia tsy maintsy miankina amin'ny rafi-pirenena momba ny fitsiahy ny fangitra araka ny fandrefivelaran-demaka sy fandrefihaambo, eo ambany fitarihan'ny Manampahefana eto amin'ny Firenena misahana ny taosarintany, ny Fotodrafitrasam-pirenena momba ny Zava-pantatra ara-jeografia sy ara-haikoriandrano (INDGH).

Ny fombafomba fampiharana ny fepetra voalazan'ity andininy ity dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

And. 37.- Ny fombafomba fampihatra mikasika ny famolavolana, ny fanatanterahana, ny fanombanana ary ny fanitsiana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra dia faritana mazava amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

Ireo fombafomba ireo dia faritana mba hahafahan'ny mponina sy ny vondron'olona ifotony mandray anjara amin'ny fomba mifandraika amin'izany momba ny fandrafetana sy ny fampiharana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra.

Ny manampahefana tompon'andraikitra dia mampahafantatra ny mponina ny amin'ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra voalazan'izao lalàna izao, mikasika ny tanjona izay tratrariny sy mikasika ny fizotry ny paika arahina.

TOKO VOALOHANY
NY AMIN'NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 38. – Ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany no mametra ny famaritana ankapobe ny fanajariana ny tany eto amin'ny Firenena mba hampitomboana ny fampiasana azy na ny fanomezan-danja mba hanatsarana ny fari-piainan'ny mponina sy ahatrarana ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny fitaovana sy ny asa fanajariana.

And. 39. – Ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany no mametra ny soridalan-kitondrana ara-stratejia ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny asa fanajariana ny tany, ary koa ny tanjon'ny firotsahana sy ny fandaharanasa mifandraika amin'izany.

And. 40. – Ny politikam-pirenena momba ny fanajariana ny tany no manome tombon-dahiny amin'ny maha manokana sy ny fahafahan'ny lafin-tany mifaninana ary mitandro ny fifamenoan'izy samy izy sy amin'ny faritra ananany fahefana mba ahafahana mandrindra ny fampandrosoana eto amin'ny tanim-pirenena.

TOKO II

NY AMIN'NY RAKITSARI-PIRENENA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 41. – Ny rakitsari-pirenena momba ny fanajariana ny tany no mandrafitra ny sehatra nanovozana izay tsy maintsy miditra ao amin'ny politika sy asa rehetra momba ny fampandrosoana atao eto amin'ny tanim-pirenena.

And. 42. – Ny rakitsari-pirenena momba ny fanajariana ny tany no mamaritra ny vina sy ny tanjona lehibe amin'ny fampandrosoana ny toerana malalaka eto amin'ny Firenena ao anatin'ny roapolo taona.

Mandray anjara amin'ny famaritana ny fandaharanasa sy ny tetikasa mandrafitra ny tanim-pirenena ahafahana ihany koa mamaritra ny feni-kevitra lehibe amin'ny fomba fanampiana sy fanokanana ny loharanon-karena.

And. 43. – Ny soridalan-kitondrana ny rakitsari-pirenena momba ny fanajariana ny tany dia ambara mazava tsara sy mihatsara ary fenoina amin'ny alalan'ny rakitsari-paritany, faritra, iraisan'ny kaominina sy an'ny kaominina momba ny fanajariana ny tany.

TOKO III
NY AMIN'NY RAKITSARI-PARITANY MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 44. – Ny rakitsari-paritany momba ny fanajariana ny tany dia zary sehatra nanovozana izay tsy maintsy miditra ao amin'ny politika sy asa rehetra momba ny fampandrosoana atao any amin'ny faritany.

Izy no mamaritra mazava, manatsara sy manatontosa ny safidy notanan'ny rakitsari-pirenena momba ny fanajariana ny tany ao anatin'ny roapolo taona.

And. 45. – Ny rakitsari-paritany momba ny fanajariana ny tany dia zary antontan-taratasy ahafantarana ny faritra, antontan-taratasy fanadihadiana lavitra, sata mifehy ny faritany amin'ny fanajariana ny tany sy ny antontan-taratasy misy ny sarintany.

Ny fepetra mikasika ny rakitsari-paritany momba ny fanajariana ny tany dia faritana mazava amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO IV
NY AMIN'NY RAKITSARI-PARITRA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And. 46. - Ny rakitsari-paritra momba ny fanajariana ny tany dia zary sehatra nanovozana izay tsy maintsy miditra ao amin'ny politika sy asa rehetra momba ny fampandrosoana atao any amin'ny faritra.

Izy no mamaritra mazava, manatsara sy manatontosa ny safidy notanan'ny rakitsari-pirenena momba ny fanajariana ny tany sy an'ny faritany ary koa ny feni-kevitra momba ny fanajariana ao anatin'ny roapolo taona.

And. 47. - Ny rakitsari-paritra momba ny fanajariana ny tany dia ahitana antontan-taratasy ahafantarana ny lafin-tany, antontan-taratasy fanadihadiana lalina, sata mifehy ny faritra amin'ny fanajariana ny tany sy ny antontan-taratasy misy ny sarintany.

Ny fepetra mikasika ny rakitsari-paritra momba ny fanajariana ny tany dia faritana mazava amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO V
NY AMIN'NY RAKITSARY IRAISAN'NY KAOMININA SY AN'NY KAOMININA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY.

And. 48 – Ny rakitsary iraisan'ny kaominina sy an'ny kaominina momba ny fanajariana ny tany dia zary sehatra nanovozana izay tsy maintsy miditra ao amin'ny politika sy asa rehetra momba ny fampandrosoana atao any amin'ny ambaratonga iraisan'ny kaominina sy an'ny kaominina.

Izy no mamaritra mazava, manatsara sy manatontosa ny safidy notanan'ny rakitsari-pirenena, faritany sy faritra momba ny fanajariana ny tany ary koa ny feni-kevitra momba ny fanajariana ao anatin'ny roapolo taona.

And. 49 – Ny rakitsary iraisan'ny kaominina sy an'ny kaominina no mametra, araka ny mampiavaka ny faritra izay ampiharana ny feni-kevitra momba ny fahazoa-mampiasa sy ny fampiasana ny tany ary indrindra indrindra ny loloha iantsorohana noho ny tombontsoan'ny besinimaro, ny fampitaovana ny vahoaka sy ny vondrom-bahoaka, ny tanim-boly, ny faritra arovana ary ny tahiry momba ny fananan-tany.

And. 50 - Ny rakitsary iraisan'ny kaominina sy an'ny kaominina momba ny fanajariana ny tany dia samy ahitana antontan-taratasy momba ny famantarana ny faritra, antontan-taratasy fanadihadiana lavitra, sata mifehy ny faritra amin'ny fanajariana ny tany sy ny antontan-taratasy misy ny sarin-tany.

Ny fepetra mikasika ny rakitsary momba ny fanajariana ny kaominina dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

TOKO VI
NY AMIN'NY DRAFITRA FANAJARIANA NY TANAN-DEHIBE

And. 51. – Ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe no mamaritra ny raharaha ankapobe atao eo amin'ny tany ary, raha ilaina, ny karazany sy ny sarin'ny fitaovana ary ny fotodrafitrasa, manokana amin'izany ny fitaterana, ny famaritana ny raharaha sy ny asa fototra.

Izy no mandrafitra ny sehatry ny didy amam-pitsipika amin'ny fandaminana sy ny fampandrosoana ny tanàna sy ny rantsa-mangaikany.

And. 52. – Ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe dia mizara ho :
- Drafitra fanajariana ny tanan-dehibe lany era ;
- Drafitra fanajariana ny tanan-dehibe amin'antsipiriany.

And. 53. – Ny fepetra mikasika ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe dia faritana mazava amin'ny alalan'ny rijan-tenin-dalàna na didy amam-pitsipika.

TOKO VII
NY AMIN'NY DRAFITRA ETO AN-TOERANA MOMBA NY FAHAZOA-MAMPIASA NY FANANAN-TANY

And. 54. – Ny drafitra momba ny fahazoa-mampiasa ny fananan-tany any amin’ny faritra dia drafitra miaraka amin’ny fampahafantarana momba ny fananan-tany nomena ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ny sampan-draharaha ara-teknikan’ny Fanjakana mba hamolavolana ny fitaovana fanaovana teti-pivoarana momba ny tany sy ny fitantanana tsara ny fananan-tany.

And. 55. – Ny fikambanana sy ny kaominina no mijery ifotony sy any anatin’ny faritra heverina ho mialoha ny rehetra miankina amin’ny fananan’olontsotra tsy vita titra sy ny toerana izay tantanin’ny daholobe mba hampidirana, indrindra ny fampahafantarana, ao amin’ny drafitra eto an-toerana momba ny fahazoa-mampiasa ny fananan-tany.

TOKO VIII
NY AMIN’NY POLITIKAM-PIRENENA MOMBA NY FANANAN-TANY

And. 56. – Ny politikam-pirenena noheverina hametrahana fitantanana ny fananan-tany nifanarahana sy mangarahara, ny fiaraha-mandamina ny fampiasana ny toerana, sy ny fidirana voaaro ho ao amin’ny tany ho an’ny rehetra, lehilahy na vehivavy, hisian’ny fampandrosoana ara-tsosialy sy ara-toekarena maharitra entin’ny mponina, ampian’ny fampiasam-bola hamokarana nohamafisina avy amin’ny Fanjakana na tsy miankina amin’ny Fanjakana, sy miorina amin’ny faharisihan’ny any an-toerana.

And.57. - Izy dia mikendry ny ahatonga ny fananan-tany ho fanoitra iray ho amin'ny fampandrosoana amin'ny alalan'ny fiarovana ny fahasamihafan'ny zo, ny fitantanana lany era ny fananan-tany, ny fandrindrana mampiombona mikasika ny fampiasana ny tany amin'ny fampifanarahana ny filana ankehitriny sy hoavy.

And.58. - Ny politikam-pirenena momba ny fananan-tany dia mamaritra ireo soridalan-kitondrana sy hevitra ifotorana izay nalain'ny fitantanana ny fananan-tany.

LOHATENY IV
NY AMIN'NY FOIBEM-PANDINIHANA MOMBA NY TANY

And.59.- Atsangana ny Foibem-pandinihana momba ny Tany, vondron-draharaha mahaleotena miandraikitra indrindra ny :

- fanatanterahana ny fizohiana akaiky momba ny fanajana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra indrindra ny rakitsary mikasika ny fanajariana ny tany sy ny drafitra fanajariana ny tanan-dehibe ;
- fandrafetana ny antontan-java-pantatra izay atao tsy ho maty paik'andro mikasika ny fanajariana ny tany ;
- fanaovana amin'ny tambanjotra ny foibem-pandinihana isan-tsehatra amin'ny asa fitantanany ny fahalalana sy ny fampahafantaran-draha momba ny fanajariana ny tany ;
- fanaovana fandinihana mitsinjo lavitra sy stratejika mikasika ny fanajariana ny tany ;
- fanadihadiana sy fikirakirana ny fampahafantaran-draha azo mikasika ny fanajariana ny tany ;
- fiantohana ny fitandroana ny fampahafantaran-draha mikasika ny fanajariana ny tany ;

- fananganana hery manolokevitra ho amin'ny fanajariana ny tany.

And.60. - Ny fandaminana sy ny fampandehanan-draharahan'ny Foibem-pandinihana momba ny Tany dia faritana amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY V
NY AMIN'NY FOMBAFOMBA FAMATSIAM-BOLAN'NY FANAJARIANA NY TANY

And.61. - Ny famatsiam-bolan'ny fanajariana ny tany dia miankina indrindra amin'ny loharanom-bolan'ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

And.62. - Ny sehatrasa tsy miankina, ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, ny fikambanana tsy miankina amin'ny governemanta ary ny fikambanan'ny fiarahamonim-pirenena dia afaka mandray anjara ihany koa amin'ny famatsiam-bola ireo asa fanajariana ny tany mahakasika ny faritra misy azy ireo avy.

And.63. - Ny tetikasa rehetra fanajariana ny tany izay natomboky ny Fanjakana na ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tokony maminavina ny famatsiam-bola mifandraika amin'izany mba hamitana io tetikasa io.

And.64. - Ny fandaharana ny tetibola momba ny fampiasam-bola hamokarana dia tsy maintsy novinavinaina isan'ambaratongan'ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mba hanatanterahana ny famaritana ny faritra amin'ny asa fanajariana ny tany.

Amin'izany, ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra dia natao ho fototra fanovozan-kevitra eo anivon’ny Fanjakana sy ny Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana.

TOKO TOKANA
NY AMIN’NY TAHIRY MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And.65. – Atsangana ny kaonty manokana antsoina hoe “Tahiry momba ny fanajariana ny tany” ao anatin’ny bokin’ny Banky Foibe sy amin’ny anaran’ny Tahirim-bolam-panjakana.

Izany dia natao hamatsiam-bola ny asa fanajariana ny tany izay mifanindran-dalana amin’ireo famatsiam-bola hafa.

And.66. – Ity tahiry ity dia mampiditra :

- ny fandraisana anjaran’ny Fanjakana amin’ny alalan’ny Tetibola Ankapobe ;
- ny fanampiana avy any ivelany ;
- ny fandraisana anjaran’ireo tetikasa mifaka.

Ny fombafomba famatsiana sy fitantanana dia faritana amin’ny alalan’ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY VI
FEPETRA MANOKANA

TOKO VOALOHANY
NY AMIN'NY FARITRA NATAO HO AMPIASAINA MANOKANA

And.67. – Ny faritra dia natao ho ampiasaina manokana noho ny antony mampiavaka azy eo amin'ny lafiny ara-jeografika, ny toetrany toka-miavaka na ireo fanambiny manokana sy stratejika manoloana ny fanajariana ny tany.

And.68. – Ny fampiroboroboana ny faritra natao ho ampiasaina manokana, amin'ny alalan'ny fanohanana ara-teknika amin'ny fahavitrihana ny fampivondronana ny Kaominina voakasika dia amafisina amin'ny alalan'ity lalàna ity.

And.69. – Ny faritra natao ho ampiasaina manokana dia tsy maintsy omen-danja amin'ny famolavolana ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra sy ny fanatanterahana ny politika isan-tsehatra.

TOKO II
NY AMIN'NY TANY MANANA VELARANA LEHIBE SY NY FANOKANAN-TANY FIANDRY

And.70. – Ny fanomezana ny tany manana velarana lehibe dia miankina amin'ny famolavolana ny drafi-panajariana mifanaraka amin'ny didy amam-pitsipika mifehy ny fandaminana ny faritra izay ampiharina sy ny rijan-teny manan-kery.

And.71. – Ny sampan-draharaha ara-teknika mahefa eny amin'ny faritra mikasika ny fanajariana ny tany dia tsy maintsy hakana hevitra amin'ny famaritana sy ny fanomezana ny tany manana velarana lehibe ary koa ny fananganana ny fanokanan-tany fiandry.

And.72. – Ny amin'ny fananganana ny fanokanan-tany fiandry, ny famaritana mikasika ny fampiasana azy ireo manokana dia miankina amin'ny Sampan-draharaha ara-teknika miandraikitra ny fanajariana ny tany mahefa eny amin'ny faritra.

TOKO III
NY AMIN'NY FITANDROANA NY FILAMINANA MOMBA NY FANAJARIANA NY TANY

And.73. – Atsangana ny "Fitandroana ny Filaminana momba ny Fanajariana ny Tany" izay miandraikitra voalohany ny :

- fitandroana ny fanajana ireo fepe-dalàna amam-pitsipika ary koa ny fomba arahina izay ampiharina mikasika ny fanajariana ny tany miaraka amin'ny fanampian'ny Foibem-pandinihana ny Tany ;
- miantso ny tompon'andraikitry ny fanajariana ny tany momba ireo endrika fihoaram-pefy rehetra amin'ny fampiharana ny rijan-teny sy ny fanatanterahana ny asa fanajariana ny tany ;
- manao fitanana an-tsoratra ahitana fototra ireo fandikan-dalàna rehetra momba ny rijan-

teny manan-kery mikasika ny fanajariana ny tany.

And.74. – Ny fomba fanatanterahana ity toko ity dia ho soritana mazava amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.

LOHATENY VII
FEPETRA SAMIHAFA SY FARANY

And.75. – Mba hisian'ny vina jery lavitra ho amin'ny fampandrosoana iraisana izay sahaza ireo sehatrasa samihafa manomboka eo anivon'ny Fanjakana, ny rijan-tenin-dalàna amam-pitsipika eo an-dalam-pamolavolana na fanamboarana dia tsy maintsy ampitoviana amin'ireo fepetra voalazan'ity lalàna ity.

And.76. – Raha toa ka ilaina, ny rijan-tenin'ny didy amam-pitsipika no hamaritra ny fepetra fampiharana ity lalàna ity.

And.77. – Foanana ary dia foana ny fepetra rehetra teo aloha mifanohitra amin'izao lalàna izao, raha vantany vao avoaka hanan-kery.

And.78. – Ity lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Ho tanterahana izany fa lalàm-panjakana.

Navoaka hanan-kery tao Antananarivo, ny 03 febroary 2016

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial